

## TORITENY - ALAHADY faha-34 TSOTRA - TAONA D



***“Lazaiko marina aminao fa anio dia hihaona***

***amiko any am-paradisa ianao”.***

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady, faha-34 mandavantaona izao, dia famaranana ny taona litorjika no sady ankalazan'ny Eglisy an'i Kristy Mpanjaka. Misy akony manokana ho antsika EOV eto amin'ny diosezy ity fankalazana an'I Kristy Mpanjaka ity satria omaly isika no namarana ny Sinaody tapany voalohany ka nanolorana an'ireo tolo-kevitra maromaro entina hanaovantsika TOROLALANA PASTORALY HIVELOMANTSINKA NY VAVAKA SY NY FINOANA KA HAHATONGA ANTSIKA HO EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARADALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Vakiteny 1: 2 Sam. 5, 1-3  
Salamo : Sal. 121  
Vakiteny II : Kol. 1, 12-20  
Evanjely : Lk. 23, 35-43

ho

Miara-misaotra an'Andriamanitra isika fa tanteraka soa aman-tsara ny fifampitrahofana teto Vohemar. Samy nahatsapa isika fa fa Pantekoty vaovao antsika ka hirosoantsika hanao fiaingana vaovao : DEPART VAOVAO. Ankinintsika am-bavaka mba ho I

Kristy tokoa no hanjaka amin'ny ataantsika rehetra fa indrindra manomboka izao taona litorjika vaovao izao isika ary miatrika ny Taom-pikatropheana Pastoraly vaovao. VAOVAO TOKOA NY ZAVA-DREHETRA AO AMIN'I JESOA.

Ndeha ary isika handinika izany rehetra izany arak'ireo Tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglisy anio.

Fombatsika olombelona ny mifampiarahaba rehefa faran'ny taona satria nahavita namakivaky ny taona manontolo ary ity taona ity dia miavaka tokoa satria taona avy niatrehantsika ny KORONTANAVIRUS na dia mbola eo aza izy ka mila mitandrina. Fa taona koa niatrehantsika ny SINAODY dia ny Sinaody lombonana iraisam-pirenena faha-16 ary ny Sinaodin'ny diosezy faha-7.

Mampisaotra an'Andriamanitra tokoa satria vanim-potoana nahafahantsika nandrafitra

ny TOROLALANA PASTORALY HIVELOMANTSINKA NY VAVAKA SY NY FINOANA KA HAHATONGA ANTSIKA HO EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY ANTANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Raha mifampiarahaba isika amin'izao famaranana ny taona litorjika izao dia faly satria namakivaky an'iny taona iny izay azo lazaina taona masina fa indrindra ho an'ireo afaka nanao pelerinajy teny Joffreville ka nandraisana ny indulgence plénière, tsodrano sy fahasoavana feno. Indro isika tonga amin'izao famaranana ny dingana voalohan'ny Sinaody ary miara-mankalaza an'i Kristy Mpanjaka.

Miarahaba atsika EOV jiaby isika olo araiky jiaby, ianareo fianakaviana, ianareo ao amin'ny kominaote, ianareo pretra rehetra sy ny eveka. Miarahaba antsika na Kristianina na tsy Kristianina, androm-pahasoavana ho antsika izao ary anatin'ny fankalazantsika koa an'i Kristy Mpanjaka, izy tokoa anie hanjaka eo amin'ny fainantsika.

Niara-nanatrika ny Sinaody isika. Maro ny tolo-kevitra sy dinika. Irintsika avy amin'ireny dinika ireny mba ho I Kristy tokoa no hanjaka amin'ny fainantsika, amin'ny fiaraha-monintsika mba handresy ny rafi-pahotana izay mikiky sy manapotika ny fainantsika. Maniry tokoa isika hametraka rafi-pivelaran'ny mahaolona manontolo sy olon-drehetra. Rafitra mikolokolo tontolom-pitiavana fa tsy tontolom-pahafatesana.

Raha I Kristy no manjaka dia lavitra ny fitiavan-tena, ny avonavona sy ny fialonana fa ny marina sy ny hitsiny no manjaka ka hiadam-pinari tra isika izany hoe miara-mitoetra amin'Andriamanitra isika ka afaka manao depart vaovao satria VAOVAO MANDRAKARIVA NY AO AMIN'I KRISTY.

Raha atao amin'ny teny hafa izao famaranana izao dia maniraka antsika hampanjaka an'i Kristy eo amin'ny fainantsika. Izany no antonynofidianantsika ny andro fankalazana an'i Kristy Mpanjaka ho famaranana ny dingana voalohany amin'ny Sinaody ka hidirantsika amin'ny fainam-baovao misy an'i Kristy manjaka eo amin'ny fainantsika izany rahateo ny vokatry ny vavaka syn y finoana, lohahevitra lehibe no dinihintsika

Mpanjaka tokoa i Kristy, io no fampianarana tiako antitraterina androany mba hahafantarantsika ny iraka miandry antsika aorian'ny dingana voalohan'ny Sinaody ka hahatonga antsika ho EOV MANORINA MANAO DEPART VAOVAO.

Ry Kristianina havana, ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amintsika amin'izao andro fankalazana an'i Kristy Mpanjaka izao dia manambara amintsika ny ho tokony amin'ny fainantsika.

Ao amin'ny Evanjely (Lk. 23, 35-43) dia manambara araka ilay fiekkem-pinoana nataon'ilay jiolahy izay tsy nanjary ny fainantsika, nanao herisetra, nanapotika zavatra maro nefaniaky izy fa Mpanjaka tokoa i Kristy ary nilaza hoe : "Tompo o, tsarovy aho rehefa tonga amin'ny fanjakanao aho". Fanambarana fibebahana tanteraka izany satria nisy jiolahy hafa koa teo akaikin'i Jesoa nilaza sy naneso tahaka ireo jody nanao hoe : "Raha ianao no Mpanjaka, vonjeo ny tenanao sy izahay".

Ilay jiolahy nibebaka kosa nilaza fa ny antsika dia rariny raha toa izao ny fiafarana satria fantany ny tsy mety nataony fa ny an'i Kristy kosa tsy mba nanao ratsy na inona na inona izy.

Io fibebahana io dia noraisin'i Jesoa ary henontsika ny teniny manambara fa Mpanjaka

izy ka nilaza tamin'ilay jiolahy : " Lazaiko marina aminao fa anio ihany dia hihaona amiko any am-paradisa ianao".

Raha i Kristy no manjaka amintsika dia paradisa ny fiainantsika ary izay no irintsika mianakavy.

Raha mibebaka isika dia Andriamanitra no manjaka ao amintsika, ary dia mihavao ny fiainantsika. Manao "depart vaovao" isika amin'izany...

### **Maninona ny fiainantsika no mikorontan-dava, hetraketraka lava, tebiteby lava ?**

Mbola tsy i Kristy no manjaka eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, na eo amin'ny fianakaviana na eo amintsika tsirairay. Io ilay lazaintsika rafitra mikolokolo fahafatesana. Rafi-pahotana ka korontan-dava.

Marina fa maro ny Kristianina mitondra ny anaran'i Kristy nefá indrisy mbola tsy Izy no mitondra ny fiainantsika sy tsy mbola Izy no manjaka ao amintsika. Koa izany indrindra ry Kristianina havana, raha mankalaza an'i Kristy Mpanjaka isika, miatrika izao Sinaody izao izay nandalinantsika ny vavaka sy ny finoana dia tsarovy fa tiantsika ho i Kristy no hanjaka amin'ny fiainantsika. Izany no vokatry ny vavaka sy ny finoana. Henontsika ny vavaka sy fiekmepinoana nataon'ilay jiolahy ary rentsika koa ny valinteny nataon'i Jesoa : "anio ihany dia hijaraka amiko any Paradisa ianao".

Ilay Rafi-pahotana mikiky antsika tokoa dia zary paradisa raha mampanjaka an'i Kristy isika. Izany hoe misy an'Andriamanitra ny fiainantsika, i Kristy no eo anivontsika, raha miaraka aminy sy amin'ny alalany ary ao aminy no entintsika mivelona dia ho paradisa ny fiainantsika.

Izany koa ny narin'ny vahoaka tamin'ny andron'ny Davida Mpanjaka ambaran'ny vakiteny voalohany boky Samoela (*2 Sam. 5,1-3*) ary mbola hamafisiny sy ampianarin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (*Kol. 1, 12-20*), zary fanjakana mazava ny fanjakantsika raha i Kristy no manjaka.

### **Ahoana àry ny hampanjakantsika an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika ?**

Araka ny averintsika matetika ary vokatry ny vavaka sy ny finoana dia aoka isika hanao ny asan'Andriamanitra ary Izy hanao ny asantsika. Tsy inona io asan'Andriamanitra io fa Ilay voalazan'ny Papa hoe manantanteraka ny asan'ny famindram-po : " Faniriako mafy dia mafy, hoy izy, ny andinihana sy anatanterahan'ny vahoaka Kristianina ireo asa ara-bàtana sy arapanahy maneho ny famindrampon'Andriamanitra".

Raha ireo asa ireo tokoa no tanterahintsika dia mampanjaka an'i Kristy isika nefá fanjakana tsy araky ny fihevitr'izao tontolo izao izay manjaka anatin'ny herisetra sy ny fahefana ary famoretana. Indrisy toa te hahazo laka izany tato ho ato. Hitantsika izany amin'ny alalan'ny doro tanety ka amoretantsika sy anapotehantsika ny zava-boary. Fanjakazakana fa tsy fanjakana. Milaza miara-mahita isika fa mahazo vahana ny herisetra etsy sy eroa. Potika ny fifandraisantsika samy olombelona.

Manana fahefana tokoa i Kristy fa tsy fahefahana mamoritra fa fahefana manafaka ary amin'ny alalan'ny famindram-po no anehoan'Andriamanitra ny fahefany araky ny vavaka ao amin'ny Alahady faha-26 mandavantaona "*Ry olon'Andriamanitra, katsaho ny fahamarinana, ny fahazotoa-mivavaka, ny finoana, ny fitiavana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy*". Fahefahana manompo ny fahefan'i Kristy. Io fanompoana io no mitondra amin'ny fihavanana sady kristianina no Malagasy. Io fanompoana io no mitondra amin'ny tena fihavanana.

## **Inona àry ireo asa maneho fa manao ny asan'Andriamanitra isika ?**

Ireto ny asa famindrampo manambara fa mampanjaka an'i Kristy isika : raha miaiky fa diso satria nanapotika an'ity tranobe iombonana ity ary miezaka ny mikolokolo azy ka mamafy fanantenana.

Ny manatanteraka ny asa fambolen-kazo ary miezaka ny tsy hanapotika an'izany toy ny ny tevy ala na manapaka ny hazo tsy ara-drariny dia anisan'ny manambara ny fa mampanjaka an'i Kristy satria natao hanjaka amin'ity tranobe iombonana ity isika rehetra.

Izany no iraka nataon'Andriamanitra amintsika ao amin'ny Jenezy dia ny mba hanjakantsika amin'ity tany ity ka ny fanjakana dia tsy amin'ny alalan'ny hevitr'izao tontolo izao fa hevitr'i KRISTY izany hoe fanompoana, tsy sampy fa fanompoana, manao ny asa maneho famindram-po, mikarakara sy mikolokolo.

Amin'izao famaranana ny taona izao dia hifampiarahaba isika no hifampirary soa ka ny tena sarobidy dia ny hanohizantsika hampanjaka an'i Kristy ao am-pontsika ao. Raha i Kristy no manjaka ao anatintsika tsirairay avy, ao anatin'ny fianakaviana Eglisy kely, eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny sekoly, eo amin'ny toerana fiasantsika sy ny toerana fialamboly, raha i Kristy no manjaka eo amin'ny fiainantsika, izany hoe mampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika dia hiova tokoa ny fiainantsika ka anio ihany araka ny voalazan'i Jesoa tamin'ilay jiolahy nibebaka ny hiarahantsika aminy any am-paradisa. Io koa ny vavaka ataontsika sy fanirantsika amin'izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao ka zary EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Anio ihany tokoa ry Kristianina havana dia ho paradise ny fiainantsika, ny fiaraha-monina misy antsika, ny sekoly, ny toeram-piasana, ny Eglisy iraka, Eglisy fiombonana, Eglisy fototra ary na dia ny fialam-bolintsika aza zary lasa paradise ka hiadam- pinaritra ao amin'i Kristy isika.

Masina Maria Renin'I Jesoa, sady Reninay, teo am-pototry ny hazo fijaliana ianao ka naheno ny tenin'I Jesoa, mivavahà mba ho tanteraka aminay koa io Tenin'I Jesoa io fa indrindra amin'izao famaranana ny dingana voalohany izao ka hidiranay amin'ny lafiny faharoa mikasika ny tontolo iainana. Ampio izahay mba hahay hibebaka ka **hifahavao** hihavao, hanao depart vaovao tokoa. Md Josefa Mpairo ny Eglisy, mivavahà ho anay fa tena mbola lavitra ny dianay ary indraindray feno olakolaka. Ampianaro izahay hanahaka anao ka ho tena "olona marina sy tsotra", ho vonona hanao ny asan'Andriamanitra tahaka anao ka amin'izay Andriamanitra hanao ny asanay. Amen.

+ Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson, cm